## Ny Valosoa sy hadihady

# Raha tsy manova fomba fiasa dia ho lany andro fotsiny

Mampanahy ny fizotran'ny asa fampandrosoana eto amin'ity firenena ity, raha ny fihetsiky ny fitondrana. Misy ny tomponandraikitry ny tanàna ailika na atao anjorom-bala sy tany avo avaratra. Miharihary izany amin'ny zava-misy teto amin'ny tanànan'Antananarivo renivohitra. Rehefa tsy tomponandraikitra miara-dia amin'ny fitondrana dia tsy toloran-tanana sy ampiana. Nihazakazahana ery anefa vao vantany nisy vokatra vonjimaika navoaka momba ny kandidà notohanan'ny fitondrana, satria olony ihany. Dia nivoaka tampotampoka ny fitaovana ilaina amin'ny fandraofana fako kanefa efa fotoana ela no nitakiana izany. Nanampenan-tsofina ny antsoantson'ny tomponandraikitry ny fiadidiana ny tanàna tamin'izany fotoana izany, ary nanampy izany ny vahoakan'Antananarivo, fa nodian-tsy heno satria efa nisy ny kajikajy politika nataon'ny fitondrana. Tranga miseho miharihary ny fihetsik'ity fitondrana ankehitriny ity manoloana ny fiaraha-miasa amin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana. Azo eritreretina ve ny fiaraha-miasany amin'ireo tomponandraikitry ny kaomina any ambanivohitra lavitra sy faritra samihafa any raha eto an-drenivohitra aza toy izany no zava-misy. Tsy adino anefa ny nambaran'ny filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina nilaza fa tsy hijery loko politika izy fa iarahany miasa avokoa tsy misy ankanavaka ireo. Zary kabary ambony vavahady fotsiny izany sy kobaka am-bava fa noporofoin'ny zava-misy. Tsy marina ny nambara fa manatanteraka izay ambarany ny tenany. Porofo mitohoka amin'ny tendany ny zava-misy eto Antananarivo renivohitra.


Tsy miara-dalana sy mirazotra ny fampandrosoana eto amin'ny firenena raha toy izany misy fijery loko politika izany. Mihevitra ny hanandratra ity firenena tsy ho mena-mitaha amin'ny hafa ny fitondrana. Teboka iray lehibe ho sakana amin'ny fampandrosoana ny firenena izany. Maro anefa ny sakana tsy ahafahan'ny fitondrana hiroso amin'izany, izay efa nandaniana ranomainty teto ihany ny maro amin'izy ireny. Misy ireo olona vaovao napetraka eo anivon'ny mpanatanteraka izay omena herintaona ny hijerena ny vokatra entiny. Raha mbola tsy miova anefa ny fototry ny fomba fiasan'ny fitondrana, dia ho fotoana very maina ihany fa hihodinkodina fotsiny ohatry ny mponin'Israely eto ihany isika. Raha mbola mihevitra ny toy ny filohan'antoko ihany ny tenan'ny filohan'ny Repoblika, sy mbola toy ny misaina anaty fampielezankevitra ihany, araka ny fijerin'ny mpandinika, ary manilika ireo mpifaninana amin'ny ara-politika izy sy ny mpiara-dia aminy, dia mila manamboatra saina ny vahoaka.

***Sôh'son***

**Filoha Macron**

# Manohy ny didin'ny be sandry ataony amin'ny Nosy Malagasy

Manao di-doha ny maha an'ny Frantsay ny Nosy Glorieuses ny filoha Frantsay Emmanuel Macron. Izay no azo ilazana ny fanambarana vao nataony indray, fa hatao valan-javaboaharimpirenena ho an'i Frantsa, na réserve naturelle nationale ity Nosy an'ny Malagasy ity mialohan'ny volana jona 2020 fara-fahatarany, hoy izy. Raha izany fanambarana nataony izany dia tsy misy mihitsy ny hoe resaka fiaraha-mitantana na cogestion izany, na zavatra hafa, fa vao mainka aza hamafisiny ny maha-tanin'ny frantsay an'ireo nosy Malagasy ireo. Ny fitondrana Rajoelina dia milaza fa hitaky ireo nosy ireo, ny zavatra vao rentsika izany anefa dia zavatra hafa tanteraka, ary ny tena mahagaga dia toa mifanitsaka amin'ilay daty nifanomezana, fa hoe ho vitaina alohan'ny 26 jona 2020 ny amin'izay hitantanana an'ireo nosy malagasy ireo. Mbola mitohy izany ny fanaovan'ny Frantsay didin'ny be sandry aty amin'ny faritry ny Ranomasimbe Indiana, sy ny Lakandranon'i Mozambika, ka mbola ho sarotra amintsika Malagasy ihany aloha hatreto, ny hitaky ireo nosy ireo amin'i Reny Malala.



*Ny Filoha Frantsay, Emmanuel Macron.*

***Niaina***

Kaomisarian'ny Polisy Ambilobe

# Potiky ny tora-bato ny birao, may ny fiara teo an-tokontany

Nampisavorovoro ary niteraka fahatezeram-bahoaka tany Ambilobe, faritra Diana, ny fampitam-baovao tamin'ny facebook nilaza fa voasambotry ny Polisy tany amin'ny Kaominina Mantaly Distrika Ambilobe, ny alahady teo ny tompon'antoka tamin'ny famonoana vehivavy iray mitondra vohoka 7 volana, tsy hita nanomboka ny 03 febroary 2020 lasa teo. Nirohotra nandeha tao amin'ny biraon'ny Kaompanian'ny Zandarimaria Ambilobe ny vahoaka ny harivan'io ihany hitady io mpamonolo olona voasambotra io. Rehefa tsy hitan'izy ireo tao dia niazo ny biraon'ny Kaomisarian'ny polisim-pirenena ny vahoaka, ka namotika sy nitora-bato ny birao ary nanimba sy nandoro fiara nitoby tao rehefa tsy nahita ilay voarohirohy. Niditra an-tsehatra ny Zandarimariampirenena nanampy ireo namany niaro ny mpiasa sy ny tobin'ny Polisim-pirenena. Saika hanao fitsaram-bahoaka ilay mpamono olona ireto vahoaka tezitra ireto.

***Ny Valosoa***

*Ny fahapotehan'ny biraon'ny polisim-pirenena any Ambilobe.*



Kaominina Ranomafana-Brickaville

# Mandravarava ny tazomoka hoy ny Ben'ny tanàna Ravelonasy Barthelemy Samuel

Manaitra ny fitondram-panjakana ny Ben'ny tanàna Ravelonasy Barthelemie Samuel, any amin'ny Kaominina Ranomafana, distrikan'i Brickaville, faritra Atsinanana, fa mandripaka zaza latsaky ny 10 taona ny aretin-tazomoka any an-toerana. Io no nisongadina nandritra ny fanehoan-kevitra nataon'ity Ben'ny tanàna ity nandritra ny lanonana fametrahana azy tamin'ny fomba ofisialy tao an-tampon-tanànan' i Brickaville ny alahady lasa teo. Nanohy nanazava ity farany, fa olana ho an'ny kaominina Ranomafana ihany koa ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetr'andro, izay mampitondra faisana ny tantsaha eo amin'ny tontolon'ny fambolena. Nilaza anefa ny Ben'ny tanàna Ravelonasy Barthelemien, fa miezaka mamaha ny olana ny fiadidian'ny kaominina, ao anatin'izany ny fiaraha –miasa miaraka amin'ny tsara sitra-po, ho famatsiana fanafody fanefitra ny tazomoka ho an'ny mponina any an-toerana. Ankoatra izany mitady masom-boly mifanaraka amin'ny toetr'andro sy ny filan'ny tsena ny kaominina, miaramiasa amin'ny teknisianina ny fambolena. Nanamafy ny Ben'ny tanàna Ravelonasy Barthelemie, fa hametraka DINA ifampifehezana mba hisorohana ny tsy fandriampahalemana ny kaominina. Ary ny farany eo amin'ny sehatry ny fiompiana kosa dia nilaza ity Ben'ny tanàna ity fa hiantoka vaksinin'omby ho an'ny tantsaha ny kaominina, mba hisorohana ny fahafatesan'ny omby any an-toerana. Ankoatra izany, tohizana ny fampiroboroboana ny fizahantany any an-toerana amin'ny alalan'ny fisian'ny rano mafana voajanahary. Vitaina ihany koa hoy ity farany ny fanamboarana an'ireofotodrafitr'asa toy ny sekoly ; ny làlana ; ny biraon'ny kaominina. Tsiahivina fa miisa 18 ireo Ben'ny tanàna ao amin'ny Distrikan'i Brickaville no nosalorana samboady ny faran'ny herinandro teo ary voafidy fanindroany hitantana ny Kaominina Ranomafana Andriamatoa Ravelonasy Barthelemie Samuel.

***Franck Razakambelo***


*Ny ben'ny tanànan'ny kaominina Ranomafana Brickaville.*

## TONONKALO

### Ny Veliranon`ny mpitondra ankehitriny

Velirano mandeha ila , tena izany ilay natao,
Hany ka tsy mahagaga , gidragidra lava izao.
Ilaina ny fifampierana fa tsy hevitr`olon-drery,
Izay vao misy velirano heverina ho manan-kery.

Velirano mandeha ila , izay ilay nisy teto an-dasy.
(Tsy araka ny soatoavina sy ny fomba malagasy).
Ilaina ny fifanekena ho mazava tsisy pentina,
Izay no tena veliranon`ny mpitondra sy ny entina.

Velirano mandeha ila (noho ilay saina tia letrezana).
Tsy hampandroso firenena fa toa zary fihomehezana !
Mila miato ny mpitondra dia mamakafaka tsara,
Ary ireo mpanolotsainany , mila mianatra tantara.

Velirano mandeha ila , mahamenatra raha tsorina.
Misy fototra tsy mety ka ho ratsy ny haorina.
Velirano sadasada , velirano diso anarana.
Tsy hitondra ny vahoaka ho eny an-dalam-pivoarana.

***DADAN`i ZINA (16-02-20)***